Malagasy Protestant Church in France
Madegassiche Protestantische Kirche in Frankreich
Eglise Protestante Malgache en France
Fiangonana Protestanta Malagasy aty Andafy

Siège national
47 rue d Clichy
75311 Paris Cedex 09
Tél : 01 45 96 03 05

FIARAHA-MIVAVAKA
Mardi 26 MAI 2020

Lohahevitra: MIAMBENA FA TSY FANTATRAREO NY ANDRO
"TANDREMO NY FONAREO" (Lio 21.34)

Amin'ny anaran'ny Ray sy ny Zanaka sy ny Fanahy Masina

HIRA 432.1-2-3

Vavaka

Teny fampidirana ny texte du jour (Lio 21.25-38)

"Mitandrema fandrao ny fonareo"

HIRA

Vakiteny 1 Lio 21.25-28

25Ary hisy famantarana eo amin'ny **masoandro** sy ny **volana** ary ny **kintana**, ary etỳ ambonin'ny tany dia hisy **fahorian'ny** firenena amin'ny fahaverezan-kevitra noho ny firohondrohon'ny ranomasina sy ny fanonjany, **26ka ho reraka ny fon'ny olona noho ny** fahatahorany sy ny fiandrasany izay zavatra ho tonga ambonin'ny tany; fa ny herin'ny lanitra dia hohozongozonina.
27Ary amin'izany andro izany dia hahita ny Zanak'olona avy eo amin'ny rahona amin-kery sy voninahitra lehibe izy. 28Ary raha vao miandoha izany zavatra izany dia miandrandrà, ka asandrato ny lohanareo; fa manakaiky ny fanavotana anareo.

Fanazavana Fohy

HIRA 632.1

VAVAKA ISAM-PIANAKAVIANA
VAVAKA MPITANDINA.....

VAKITENY 2. Lio 21.29-33

29Ary Izy nanao fanoharana taminy hoe: Jereo ny aviavy sy ny hazo rehetra. 30Raha hitanareo fa vao manaroka ireo, dia fantatrareo ihany fa efa akaiky sahady ny lohataona. 31Dia tahaka izany koa ianareo, raha vao hitanareo fa tonga izany zavatra izany, dia aoka ho fantatrareo fa akaiky ny fanjakan'Andriamanitra. 32Lazaiko aminareo marina tokoa fa tsy ho lany ity taranaka ity mandra-pahatongan'izany rehetra izany. 33Ny lanitra sy ny tany ho levona, fa ny teniko tsy mba ho levona.

Fanazavana fohy

HIRA 632.2

VAVAKA ISAM-PIANAKAVIANA

VAVAKA MPITANDINA……

VAKITENY 3. Lio 21.34-35

34Ary mitandrema, fandrao ny fonareo hovesaran'ny vokatry ny fisotroan-toaka sy ny fahamamoana ary ny fiahiahian'izao fiainana izao, ka ho avy **tampoka** aminareo tahaka ny fandrika izany andro izany. 35Fa hihatra amin'izay rehetra mitoetra etỳ ambonin'ny tany rehetra izany.

Fanazavana fohy

Hira 632.3

VAVAKA ISAM-PIANAKAVIANA

VAVAKA MPITANDINA

VAKITENY 4. Lio 21.36-38

36Fa miambena ka **mivavaha mandrakariva**, mba hahery ianareo ka handositra izany zavatra ho avy rehetra izany ary hitsangana eo anatrehan'ny Zanak'olona.
37Ary nony **antoandro** dia nampianatra teo an-kianjan'ny tempoly Izy; ary nony **alina** dia **nivoaka Izy ka nitoetra teo an-tendrombohitra** atao hoe Oliva. 38Ary ny vahoaka rehetra nankeo aminy **maraina** koa teo an-kianjan'ny tempoly hihaino Azy.

Fanazavana Fohy:

HIRA 51.1-2

VAVAKA ISAM-PIANAKAVIANA

VAVAKA MPITANDINA + VAVAKA NAMPIANARIN'NY TOMPO

Teny FANDRAVONANA

1Kor 15.58

58Koa amin'izany, ry rahalahy malalako, dia miorena tsara, aza miova, ary mahefà be mandrakariva amin'ny asan'ny Tompo, satria fantatrareo fa tsy foana tsy akory ny fikelezanareo aina ao amin'ny Tompo.

HIRA 51.3

TSO-DRANO

Lioka 21

27Ary amin'izany andro izany dia hahita ny Zanak'olona avy eo amin'ny rahona amin-kery sy voninahitra lehibe izy. 28Ary raha vao miandoha izany zavatra izany dia miandrandrà, ka asandrato ny lohanareo; fa manakaiky ny fanavotana anareo.

29Ary Izy nanao fanoharana taminy hoe: Jereo ny aviavy sy ny hazo rehetra. 30Raha hitanareo fa vao manaroka ireo, dia fantatrareo ihany fa efa akaiky sahady ny lohataona. 31Dia tahaka izany koa ianareo, raha vao hitanareo fa tonga izany zavatra izany, dia aoka ho fantatrareo fa akaiky ny fanjakan'Andriamanitra. 32Lazaiko aminareo marina tokoa fa tsy ho lany ity taranaka ity mandra-pahatongan'izany rehetra izany. 33Ny lanitra sy ny tany ho levona, fa ny teniko tsy mba ho levona.

34Ary mitandrema, fandrao ny fonareo hovesaran'ny vokatry ny fisotroan-toaka sy ny fahamamoana ary ny fiahiahian'izao fiainana izao, ka ho avy tampoka aminareo tahaka ny fandrika izany andro izany. 35Fa hihatra amin'izay rehetra mitoetra etỳ ambonin'ny tany rehetra izany.

36Fa miambena ka mivavaha mandrakariva, mba hahery ianareo ka handositra izany zavatra ho avy rehetra izany ary hitsangana eo anatrehan'ny Zanak'olona.
37Ary nony antoandro dia nampianatra teo an-kianjan'ny tempoly Izy; ary nony alina dia nivoaka Izy ka nitoetra teo an-tendrombohitra atao hoe Oliva. 38Ary ny vahoaka rehetra nankeo aminy maraina koa teo an-kianjan'ny tempoly hihaino Azy.